# Andro Fiaraha-mivavaka

**Manorina Indray Ny Alitara :**
**Mivavaka Mba Hananana Fo Tsy Mizarazara**

Telovolana voalohany 2023
Sabata 7 Janoary

## Fanasana Manokana Hivavaka

### Manorina Indray Ny Alitara: Mivavaka Mba Hananana Fo Tsy Mizarazara

Manasa anao izahay hiaraka aminay amin'ny Andro Fiaraha-mivavaka voalohany amin'ny taona 2023 fanao isan-telovolana! Andeha isika hivavaka ho amin'ny fiarahana mandeha lalina kokoa amin'i Jesosy ho an'ny tenantsika sy ny fianakaviantsika ary ny olon-tiantsika.

Vakiantsika ao amin'ny 2 Timoty 3:5 fa mpino maro amin'ny andro farany no hanana ny "endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra" nefa tsy manana hery. Tsy tiantsika ho izany isika! Izany no antony nisafidiananay ny lohahevitra hoe "Manorina Indray Ny Alitara: Mivavaka Mba hananana Fo Tsy Mizarazara".

Nanolotra izao teny maharesy lahatra izao i Ellen White: "Ny amin'ny olony no nilazan'ny Tompo hoe: 'Hianareo no fanasin'ny tany.' Izany hoe, ianareo no singa izay hiaro ny tany amin'ny fahalotoan'ny foto-kevitra tanteraka. Nanohy ny teniny ny Mpamonjy hoe: 'Fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany ka hohitsahin'ny olona' (Matio 5:13 ). Ao amin'ny fanoharana momba ny sira tsy misy tsirony, Kristy dia manome ny sarin'ireo izay milaza ho mahalala ny fahamarinana, kanefa mandà ny fahamarinana amin'ny teniny. Na dia manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra aza izy ireo, dia tsy fantany ny herin'ny famonjeny. Ny sira izay tsy manana ny singa hiarovana amin'ny fahalòvana, dia mitana ny endriny ary manana ny endriky ny sira; fa tsy manana ny tombam-bidiny. Toy izany koa ireo izay mitahiry ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa tsy maneho ny fitsipiky ny fahamarinana amin'ny fomba fiainany" (*Letters and Manuscripts, vol. 10, ms. 11, 1895).*

Any amin'ny toerana hafa dia manoratra izy (Ellen White) manao hoe: "Tombon-tsoa lehibe ho an'ireo izay miezaka ny hahazo ny satroboninahitry ny fiainana tsy mety maty ny mahafantatra fa manana ny hery izy ireo, fa tsy ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra fotsiny" *(Experiences in Australia, p. 150).*

Kanefa tsy afaka hanana izany hery izany amin'ny tenantsika samirery isika ; saingy tonga kosa izany raha mijery an'i Jesosy sy mitady ny tavany amin'ny vavaka isan'andro isika. Amin'izao Andro Fiaraha-mivavaka izao dia mamolavola izahay ny hiara-hiombona amin'ny maha-fianakavian'ny fiangonana antsika hivavaka amin' Andriamanitra, hidera Azy, ary indrindra hangataka Aminy mba hitondra antsika lalindalina kokoa sy hameno antsika amin'ny Fanahiny Masina mba ho vavolombelona mahomby ho Azy. Fotoana izao hilazana hoe tsia amin'ireo "endriky ny toe-panahy araka

an’Andriamanitra” eo amin’ny fiainantsika. Te ho vonona ho amin’ny fiavian’i Jesosy isika!

Miangavy anao hiaraka aminay amin'ity fotoana masina sy mahafinaritra ity araka ny niantsoan'Andriamanitra antsika. Ireo mpandray anjara tamin'ny Andro Fiaraha-mivavaka teo aloha dia nilaza fa iray amin'ireo traikefa manan-danja indrindra niainan'izy ireo tamin'ny maha-fianakavian’ny fiangonana azy izany.

Mba hahatonga ny Andro Fiaraha-mivavaka ho tena manokana ho an’ny tenanao, dia azonao atao ny mandinika fifadian-kanina amin'ny fomba sasantsasany.

Ny fifadian-kanina dia mihoatra noho ny tsy misakafo fotsiny. Ny hevi-dehibe amin’ny fifadian-kanina dia ny manala ny fanelingelenana rehetra mba hahafahantsika mitady an’i Jesosy amin’ny fo manontolo kokoa. Araka ny voalazan’ny pasitora iray manao hoe: “Mifady hanina avy amin’izao tontolo izao isika mba hahafahantsika misakafo ao amin’i Jesosy.”

Izao no voalaza amintsika: “Ankehitriny sy amin’ny ho avy mandra-pifaran’ny andro, ny olon’Andriamanitra dia tokony ho mazoto kokoa, hifoha bebe kokoa, tsy hitoky amin’ny fahendreny, fa amin’ny fahendren’ny Mpitarika azy. Tokony hanokana andro hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. Mety tsy hotakiana ny fifadiana sakafo manontolo, fa tokony hihinana kely amin’ny sakafo tsotra indrindra izy ireo” *( Counsels on Diet and Foods, p. 188, 189, emphasis supplied).*

Raha mahatsiaro ho voataona hifady hanina ianao, dia mampirisika anao izahay hivavaka sy hanontany an’Andriamanitra izay karazana fifadian-kanina tiany hataonao. Azonao atao ny misafidy ny hihinana tsotra kokoa, na azonao atao ny misafidy ny hifady ny tambazotra sosialy, ny fahitalavitra, na ny fahazarana hafa mandany fotoana. Na inona na inona ataonao dia zava-dehibe ny mitadidy fa ny fifadian-kanina dia tsy ho amin’ny fahazoana valisoa avy any an-danitra na valim-bavaka fa kosa fanokanana ny fontsika sy ny saintsika mba hahafahantsika mandre mazava kokoa ny feon’ Andriamanitra miresaka amintsika. Na izany aza, na misafidy ny hifady hanina ianao na tsia, dia mino izahay fa manana fitahiana manokana ho anao Andriamanitra.

Ao amin’ny *Hafatra ho an’ny Tanora*, dia nanoratra toy izao i Ellen White: “Tsy misy zavatra atahoran’i Satana indrindra mihoatra noho ny hanadiovan’ny olon’Andriamanitra ny làlana amin’ny fanesorana ny sakana rehetra, mba hahafahan’ny Tompo handrotsaka ny Fanahiny amin’ny fiangonana izay reraka sy tsy mibebaka.”

Izao no fotoana, tsy ny hisaratsarahana, fa ny hiombonana amin’ny fivavahana, hikatsahana ny hanomana ny fontsika ho amin’ny firotsahan’ny ranonorana farany (Hos. 6:3 ).

Hoy ny Hebreo 10:24, 25 : “Ary aoka isika hifampandinika  hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara ; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon’ny sasany, fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro. »

Antomotra ny andro. Aoka isika hangataka amin’Andriamanitra mba handinika ny fontsika sy hanadio antsika amin’ny fahalotoana rehetra. Aoka isika hangataka Aminy mba hanome antsika fo tsy mizarazara. Tsy tokony hanemotra fotoana isika. Ho avy tsy ho ela Jesosy!

## Torolàlana ho an'ny Mpitarika

**Ity torolàlana momba ny Andro Fiaraha-mivavaka ity dia ahitana ireto fizarana manaraka ireto:**

- **Fanasana manokana hivavaka:** Atao printy ity fanasana ity ary zarao amin'ny mambran'ny fiangonana fara-fahakeliny 1-2 herinandro mialoha ny Andro Fiaraha-mivavaka mba hahafahan'ny mambra miomana ny hiditra ao.

- **Soso-kevitra momba ny Fandaharana Sabata Maraina**: Entanina ny mambra mba hanatevin-daharana amin’ny fotoam-bavaka ny tolakandro amin'ny fanaovana fotoam-pivavahana Sabata maraina izay mifantoka amin'ny lohahevitry ny vavaka amin'ity telovolana ity. Nanome lohatenin'ny toriteny azo atao izahay, andinin-tSoratra Masina afaka hanampy amin'ny fanomanana toriteny, ary soso-kevitra momba ny hira. Mampirisika ny pasitora/mpandaha-teny tsirairay izahay mba hanao ny hafatra ho tena manokana sy marina.

- **Soso-kevitra momba ny Tantara ho an’ny Ankizy**: Ity tantara ity dia manasongadina ny lohahevitry ny fananana fo tsy voazarazara ho an’i Jesosy. Manokàna fotoana hianarana mialoha ny tantara mba tsy hahavoatery anao hamaky izany.

- **Soso-kevitra momba ny Fandaharam-bavaka ny Tolakandro:** Ho an’ny fandaharam-bavaka ny tolakandro, dia azonareo atao ny mivory ao amin’ny fitoerana masin’ny fiangonana, eny ivelany eo ambanin’ny hazo sasany, na, raha kely ny vondrona misy anao, ao amin’ny efitranon’olona izay tsy misy fanelingelenana. Raha tsy azo atao ny mihaona mivantana dia azonao atao ny mampiasa *video* toy ny *Zoom* na mihaona amin'nv telefaonina.

- **Fampaherezana sy Fandinihan-tena amin'ny tolakandro**: Ny vakiteny fampaherezam-panahy dia miompana amin'ny loha-hevitsika mandritra ny

telovolana. Ny mpitarika ny vavaka dia afaka mamaky ity fampaherezam-panahy ity amin'ny vondrona na mangataka olon-kafa hanao izany.

• **Fidirana ho amin'ny fotoam-bavaka**: Alohan'ny hanombohan'ny fotoam-bavaka atanareo dia zarao amin'ny vondrona ireto zavatra ho saintsainina sy andalan-tSoratra Masina ireto.

• **Taratasy zaraina 1**: **Zavatra hifantohan'ny Vavaka & Tari-dalana**: Ity drafitra ity dia natao hitarihana ny vondrona misy anao hivavaka ho an'ny fo tsy mizarazara. Soso-kevitra ihany izany; fa avelao ny Fanahy Masina hitarika ny fotoam-bavaka ataonareo amin'ny tolakandro.

• **Taratasy zaraina 2**: **Teny fikasana mahery vaika momba ny Vavaka** : Ireo teny fikasana ireo dia afaka mampitombo ny fanandramanao amin'ny vavaka ary mahatonga ny fotoananao miaraka amin'Andriamanitra ho manan-danja kokoa. Azonao atao ny mampiasa azy ireo mandritra ny fotoam-bavaka ny tolakandro na mandefa azy ireny any an-tranon'ny mambra mba hampiasainy amin'ny fivavahana manokana.

**Soso-kevitra hanomanana ny Andro Fiaraha-mivavaka:**

• Manoro hevitra izahay mba handaminana farafahakeliny ora 2 - 5 ho an'ny fandaharam-bavaka tolakandro. Maro no makasitraka fiaraha-mivavaka mandritra ny tolakandro manontolo, arahin'ny sakafo maivana *agape* manokana sy fotoana fijoroana vavolombelona amin'ny takariva. Avelao ny Fanahy Masina hitarika ny drafitra ataonareo.

• Ny ankamaroan'ny fotoana dia laniana amin'ny vavaka iombonana, fa raha ampy ny fotoana dia mety ho zaraina ho vondrona kely kokoa ho an'ny fangatahana vavaka manokana. Azonareo atao ny manao "efitrano fitsaharana" ao amin'ny *Zoom* raha mivory an-tserasera ianareo. Avereno miaraka ny vondrona mba hamaranana amin'ny fotoanan'ny fisaorana.

• Raha azo atao dia atao printy na alefa mailaka amin'ireo mpandray anjara mialoha ny taratasy zaraina momba ny fotoam-bavaka ny tolakandro (Zavatra Ifantohan'ny Vavaka & ny Teny Fikasana Mahery Vaika momba ny Vavaka ).

## SOSO-KEVITRA MOMBA NY FANDAHARANA SABATA MARAINA

Lohahevitry ny Andro Fiaraha-mivavaka amin'ny telovolana voalohany : *Manorina Indray ny Alitara - Mivavaka Mba Hananana Fo Tsy Mizarazara.*

**Lohateny azo atao ho an'ny toriteny**:

*Manorina Indray ny Alitara - Mivavaka Mba Hanana Fo Tsy Mizarazara*

*Fidionareo Anio*

*Ny Rehetra ho an'ilay Fanjakana - Karazana Sira Tsara*

*Ny Fiantsoana an'i Elia - Mampody ny Fon'ny Ray amin'ny Zanaka*

*Tia an'Andriamanitra amin'ny Fo, Vatana, Saina ary Fanahy*

**Andalan-tSoratra Masina mety hanorenana toriteny:**

- Jos. 24:15 - Fidioanareo anio izay hotompoinareo
- Mat. 6:24 -Tsy afaka manompo an'Andriamanitra sy mamôna ianareo
- 2 Tim. 3:1-7-Mandositra ny "endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra" ary mivelona amin'ny herin'Andriamanitra
- Joela 2:12-32 - Ny fonareo no triatriaro fa aza ny fitafianareo
- Lioka 1:17 - Mamerina amin'ny zanaka ny fon'ny ray
- Jer. 29:13 - Mitadiava an'i Jehovah amin'ny fonareo rehetra
- Isa. 55:6-13 - Mitadiava an'i Jehovah dieny mbola hita Izy
- Jakoba 4:8 - Diovy ny fonareo, ry mpiroa saina
- Rom. 2:28-29 -Aoka ho Kristianina ao anaty ianao
- Lioka 11:39 - Fihatsarambelatsihin'ny Fariseo: madio ivelany, maloto ao anatiny.
- Sal. 51:6 - Irin'Andriamanitra ny fahamarinana ao anaty
- Mat. 5:13 - Inona no mitranga rehefa very ny tsiron'ny sira?
- Mat. 22:37; Marka 12:30; Lioka 10:27 - Tia an'Andriamanitra amin'ny fo sy ny fanahy ary ny saina rehetra

**Soso-kevitra momba ny tantara ho an'ny toriteny:**

Mizarà fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fiovam-pon'ny tenanao manokana na mitantarà fotoana iray izay nahatsapanao fa tsy te hiaina fiainana kristiana manana endrika roa intsony ianao. (Aoka ianao ho tena marina sy manohina. Ny tantaran'ny tena manokana dia mandrisika ny fo ary manova ny fiainan'ny mpihaino.)

## TANTARA HO AN'NY ANKIZY:

**"Mihira amin'ny fo tsy mizarazara"**

Misy mpihira malaza sasany izay tia mozika hatramin'ny fahazazany, saingy tsy mba toy izany i Gabriela. Izy dia lehibe tany amin'ny tanin'i Bolivia ary feno fitiavana an'i Jesosy. Hatramin'ny nahaterahany dia nampianatra azy momba ny fitiavan'i Jesosy sy ny Baiboly ny reniny

Rehefa 9 taona izy, dia nanolotra ny fony ho an'i Jesosy tamin'ny batisa.

Saingy rehefa nandeha ny taona, dia nanomboka nahatsapa ho voasarika ho amin'ny fahafinaretan'izao tontolo izao izy, ary ny varavaran'ireo fahafinaretana ireo dia ny mozika sy hira.

Tian'i Gabriela ny mihira mba hialana voly amin'ny fialan-tsasatry ny sekoly. Avy eo izy dia nasaina hanatevin-daharana ny vondrona mpihira iray, ary faly izy nanaiky izany, tamin'ny fiheverana fa afaka manomboka asa amin'ny alalan'ny hira sy mozika ary ho tonga malaza. Teo amin'ny faha-19 taonany izy, dia resylahatra fa ny hira no fiainany.

Nihira niaraka tamin'ny tarika maromaro i Gabriela, raha nianatra teny amin'ny oniversite. Avy eo izy sy ny namany maromaro dia namorona vondrona mpihira vaovao izay nahita fahombiazana avy hatrany. Nanao hetsika maro ny tarika, ary nahafinaritra an'i Gabriela ny nandehanany sy nandaniany vola tamin'ny zavatra raitra.

Tia nihira izy, ary tena tiany tamin'ny fomba manokana ny nandany vola. Fa rehefa tsy nihira na nandany vola izy dia nahatsapa ho banga tao anatiny. Toa tsy nisy dikany ny fiainana.

Tsy nitsahatra tanteraka tamin'ny fankanesana tany amin'ny fiangonana Advantista anefa i Gabriela. Niezaka ny ho Kristianina izy tamin'ny Sabata maraina sasany, saingy niverina tamin'ny fiainany hafa izy taorian'ny fanompoam-pivavahana.

Indray Sabata maraina, dia nihaino ny hira manokana tao am-piangonana izy ary nipoitra tao am-pony ny faniriana hihira ho an'Andriamanitra.

"Te hihira any am-piangonana aho," hoy izy nieritreritra. "Ho faly sy hirehareha tokoa ny reniko raha mihira any am-piangonana ny zanany vavy."

Tsy ela dia tonga nivavaka tsy tapaka i Gabriela, tsy tamin’ny fotoam-pivavahana maraina ihany, fa tamin’ny fandaharana tolakandro koa. Nanomboka nihaino ireo mpihira advantista izy. Tsapany fa te hiala amin’ny mozikan’izao tontolo izao izy, nefa mbola niady mafy tamin’ny faniriana ho tonga malaza.

Nivavaka tamin’Andriamanitra izy nangataka ny fanampiany.

Avy eo ny valan'aretina COVID-19 dia nanakorontona ny zava-drehetra. Tsy afaka niaka-tsehatra intsony i Gabriela. Tsy kivy anefa izy, fa nahatsapa kosa fanamaivanana lehibe. Ankehitriny dia ho mora kokoa ny manapaka ny fatorana rehetra amin'ny ampahany poakaty sy tsy misy dikany teo amin'ny fiainany.

Tsy ela dia nanomboka fianarana Baiboly izy. Rehefa vita ny fianarana Baiboly nataony, dia nanapa-kevitra ny hanolo-tena ho an’Andriamanitra amin’ny alalan’ny batisa indray izy. Tsapany fa Andriamanitra dia nanome azy fotoana mety vaovao indray hivelona ho Azy.

Herintaona latsaka kely dia niditra tao amin’ny ranon’ny batisa i Gabriela tao anatin’ilay fotoanan’ny areti-mifindra. Tao amin’ny vavaka nataony tamin’ny batisany, dia nanambara izy fa an’Andriamanitra izay rehetra nananany. Te hanome Azy ny fony manontolo izy.

“Atolotro ho amin’ny fanompoana Anao ny fiainako sy ny fanomezam-pahasoavako ary ny talentako”, hoy izy nivavaka.

Ankehitriny izy dia mihira ho voninahitr’Andriamanitra ary manao seminera sy fampianarana Baiboly ho an’ireo sahirana. Tamin’ny alalan’ny fitaomany dia nisy olona efatra no efa natao batisa.

I Gabriela dia manana hafatra manokana ho an'ny tanora izay mety halaim-panahy, toa azy, hanaraka ireo zavatra manintona eo amin'izao tontolo izao. “Aza mandany ny fotoananao amin’izao tontolo izao”, hoy izy. “Samy manana fanomezam-pahasoavana sy talenta ny olona rehetra, ka tsy maintsy mitady sy mampiasa izany ho voninahitr’Andriamanitra ianao.”

Nahazo lesona i Gabriela fa tena mahasoa sy misy vidiny tokoa ny manome an’i Jesosy ny talentantsika. Aoka isika hangataka amin’i Jesosy mba hanampy antsika hanome Azy ny talentantsika satria tsy hahita fahasambarana intsony isika aorian’izao tontolo izao. Ny fifaliana tsara indrindra dia avy amin’ny fanompoana an’i Jesosy amin’ny fo feno sy tsy mizarazara.

*(Nataon'i Andrew McChesney, Misiona Advantista.*
*Namboarina rehefa nahazoana alalana.)*

## SOSO-KEVITRA MOMBA NY VAVAKA TOLAKANDRO

**Fiarahabana Tongasoa sy Vavaka fanokafana**

| | |
|---|---|
| **Fiderana sy fiankohofana**: | Makà 10 – 15 minitra hihirana sy hiderana an'Andriamanitra amin'ny fonao manontolo! |
| **Fampaherezam-panahy tolakandro**: | Vakio amin'ny vondrona ny fampaherezam-panahy . |
| **Fiampitana ho amin'ny fotoam-bavaka**: | Zarao amin'ny vondrona ireo fisaintsainana sy teny notsongaina. |

**Fotoam-bavaka**

- Atombohy amin'ny fizarana ny **Taratasy 1: Zavatra Ifantohan'ny Vavaka**

- Ambarao fohifohy ihany koa ireto torolalana ireto ho an'ny vavaka iombonana:

    o **Tsy mandray antom-bavaka mialoha ny fotoana isika**. Tian'ny devoly izany rehefa miresaka momba ny fangatahantsika isika fa tsy mivavaka momba izany.

    o **Araho ny mpitarika**. Voalohany, hidera an'Andriamanitra isika alohan'ny hirosoana amin'ny lohahevitra hafa, koa tehirizo ny fangatahanao sy ny enta-mavesatrao mandra-pitarika antsika amin'io ampahany amin'ny fotoam-bavaka io.

    o **Mitenena mafy mba ho henon'ny rehetra rehefa mivavaka ianao**. Raha ao amin'ny *Zoom* ianao dia ataovy mangina ny fanamafisam-peo raha tsy mivavaka ianao.

    o Raha azo atao dia **takio ny Soratra Masina ary mivavaha araka ny teny fikasan'Andriamanitra averina tononina Aminy**. Ampiasao ny taratasy nozaraina misy ny tey fikasana (**Taratasy 2**) na sokafy ao amin'ny Salamo ny Baibolinao.

    o **Angataho amim-bavaka ny fiainana marina sy ny sorona nataon'i Jesosy**. Ny fiainany no mahatonga ny vavaka ataontsika hankasitrahan'Andriamanitra (Jaona 14:14; Apok. 8:3 ).

o **Ataovy fohy ny vavaka tsirairay** (eritreritra iray, na fehezanteny 1–2). Tehirizo ny vavaka lavabe ho an'ny efi-tranonao manokana. Ny vavaka lava dia mandreraka ny olo-masina, ary koa ny anjely (*Prayer, p. 258).*

o Afaka mivavaka imbetsaka (fohy) ianao mandritra ny fotoam-bavaka iombonana, fa mba **omeo fahafahana ny hafa hivavahany** mba hahazoan'ny rehetra misitraka ny fitahiana!

o Aoka hahatsiaro ho **mahazo aina** mandritra ny fotoam-bavaka. Aza misalasala mipetraka, na mandohalika, mitsangana, miova toerana. Raha ao amin'ny *Zoom* ianao dia mety  ny hamonoanao ny fakantsary mandritra ny vavaka.

• **Fotoana ivavahana:** Ampiasao ny **Taratasy 1: Fifantohan'ny Vavaka & Fitsipika** hitarihana ny vondrona hidera an'Andriamanitra sy hivavaka mba hanana fo tsy mizarazara. Avelao ny Fanahy Masina hitarika. Ity fotoam-bavaka ity dia mety haharitra amin'ny 2-5 ora. Jereo eto ambany ny soso-kevitra momba ny drafitry ny fotoana.

**Hira famaranana**: Faranana amin'ny fiderana bebe kokoa!

**Vavaka Famaranana** : Omeo an'i Jesosy ny voninahitra rehetra!

**AmpIrisiho ny Mambra hanohy ny fiaraha-mivavaka**: Rehefa tapitra ny fotoam-bavaka, dia ampirisiho ny olona mba hifampivavaka hatrany na hanomboka vondrom-bavaka kely ao an-tranony. Raha te hivavaka isan'andro miaraka amin'ny mpino Advantista manerana izao tontolo izao ny mambra dia ampirisiho izy ireo hanatevin-daharana ny *Vavaka Iraisana 24/7*. (Ity dia asa fanompoana am-bavaka iraisana atao amin'ny aterneto 24 ora isan'andro. Misy fiteny maro azo ampiasaina. Zarao ity adiresy tranokala manaraka ity: https://247unitedprayer.org.)

**Sakafo Hariva araka ny safidy** : Ny fiangonana sasany dia mety misafidy ny hanao fiaraha-mifaly *agape* sy fotoana fijoroana vavolombelona aorian'ny fotoam-bavaka. Raha manao izany ianao dia ataovy tsotra ny sakafo fa ataovy miavaka ny rivo-piainana iarahana. Raha mihaona amin'ny aterneto ianao dia manaova "*piquenique fiderana*". Mifandimby mizara fiderana sy fijoroana ho vavolombelona bebe kokoa momba ny vavaka voavaly, na dia efa tapitra aza ny *Zoom*.

## SOSO-KEVITRA FANDAHARAM-POTOANA
## HO AN'NY VAVAKA IOMBONANA 2 – 5 ORA

| | | |
|---|---|---|
| **Fotoam-piderana** | : | Vavaka iombonana (15 – 30 minitra) |
| **Fiaiken-keloka** | : | Vavaka manokana sy fiaraha-miasa (15 – 30 minitra) |
| **Fitalahoana** | : | Vavaka Iombonana sy Ataon'ny Tarika Madinika (30 – 60 minitra) |
| **Faribolan'ny fitahiana** | : | Vavaka iombonana (1 – 3 ora) |
| **Fiderana famaranana** | : | Iombonana (10 – 15 minitra) |

### FANAMARIHANA MANOKANA HO AN'NY MPITARIKA NY VAVAKA

Tena ilaina ny fiomanana amin'ny maha-mpitarika vavaka. Raha mihazakazaka miditra amin'ny fotoam-bavaka tolakandro ianao nefa tsy voafehy ny jiron'ny fanahinao, dia mety tsy handeha araka ny nantenainao ny fotoam-bavaka. Fa raha manokana fotoana hivavahana ianao, handinika ny fonao, hiaiky ny fahotanao, ary hikatsaka ny fitahian'ny Tompo, dia ho gaga ianao amin'ny fomba hiasany.

Raha toa ianao ka manahy satria tsy mbola nitarika vavaka iombonana mihitsy, dia afaka mianatra bebe kokoa amin'ny famakiana ny *Praying for Rain: A Mini-Handbook for United Prayer*. Midira amin'ny aterneto voalaza eto: *https://www.revivalandreformation.org/resources/all/praying-for-rain.*

## FANOMPOAM-PIVAVAHANA TOLAKANDRO

### Manorina Indray Ny Alitara: Mivavaka Mba Hananana Fo Tsy Mizarazara

Ny Testamenta Taloha dia miresaka momba ny mpaminany iray antsoina hoe Elia izay nirahin'Andriamanitra hiantso ny Isiraely hiverina ao am-pony. Tamin'izany fotoana izany, ny fanompoam-pivavahana tamin'i Bala, andriamanitra kananita, dia notohanana sy nasondrotra hatrany amin'ny faratampony teo amin'ny Isiraely, ary ny ankamaroan'ny Isiraelita dia nivarotra an'ilay Andriamanitra velona ho an'i Bala. Feno alitara ho an'i Bala teny rehetra teny.

Namory ny mpiray tanindrazana taminy teo an-tampon'ny Tendrombohitra Karmela i Elia. Rehefa nijery ny vahoaka izy, dia sahy nihaika ny vahoaka manontolo nanao hoe: "Mandra-pahoviana no hiroa saina ianareo? Raha Jehovah no Andriamanitra, manaraha Azy; fa raha Bala kosa dia manaraha azy." ( 1 Mpanjaka 18:21 ). Fa ny olona tsy namaly akory azy akory.

Fotoana fohy taorian'izay tamin'io andro io ihany, Elia dia nanangona ny vahoaka nanodidina ny alitaran'Andriamanitra velona izay rava. Tamim-pahanginana sy filaminana dia naoriny ny alitara avy tamin'ireo vato niparitaka. Rehefa vita ny alitara, dia napetrany ny kitay sy ny fanatitra.

Nanao vivery ny zava-drehetra i Elia mba hitarainana amin'ilay Andriamanitra Izay tsy notompoin'ny vahoaka intsony. Nivavaka izy nanao hoe : "Jehovah ô, Andriamanitr'i Abrahama sy Isaka ary Israely, aoka ho fantatra anio fa Hianao no Andriamanitra amin'ny Isiraely, ary izaho no mpanomponao, ary araka ny teninao no efa nanaovako izao zavatra izao. Mihainoa ahy, mihainoa ahy, Jehovah ô, mba hahafantaran'ireto olona ireto fa Hianao Jehovah no Andriamanitra, ary Hianao no mampiverina ny fony indray." (1 Mpanjaka 18:36, 37).

Tamin'ny segondra indrindra namaranan'i Elia ny vavaka nataony, dia nandefa afo handevona ny fanatitra sy ny alitara Andriamanitra. Talanjona ny olona. Nihiaka izy ireo hoe: "Jehovah, Izy no Andriamanitra; Jehovah, Izy no Andriamanitra." (1 Mpanjaka 18:39 ).

Niverina taonjato maro taty aoriana ny asan'i Elia tamin'ny asa nanirahana an'i Jaona, zanak'i Zakaria. Hoy ny Soratra Masina momba an'i Jaona: "Ary izy handeha eo alohany amin'ny fanahy sy ny herin'i Elia, mba hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny tsy manoa ho amin'ny fahendren'ny marina, hamboatra firenena voaomana ho an'ny Tompo." (Lioka 1:17 ).

Tamin'ny 1999, tamin'ny alin'ny ririnina nangatsiaka tany Michigan, dia nandre ny antson'i Elia aho mba hamerina ny foko hiverina amin'ny zanakay. Tsy nandre izany antso izany tamin'ny alalan'ny toriteny na avy amin'ny toko iray ao amin'ny boky aho. Nandre ny antson'i Elia tamin'ny fitarainan'ny zanakay aho.

Nanangona ny taratasiko sy ny kitapoko aho mba hazahoako mihazakazaka mivoaka ny varavarana ho amin'ny fivoriana manan-danja anankiray hanomanana ny fanorenana fiangonana lehibe kokoa. Nikoropaka aho. Vao 6 sy 3 taona i Jason sy Julie tamin'izany. Nandre ahy niomana handeha izy ireo. Nihazakazaka nanatona ahy izy ireo ary nanontany hoe: "Handeha ho aiza ianao ry Dada?"

"Handeha hivory aho", hoy aho namaly araka ny marina.

"Dada a, mijanòna ao an-trano anio alina!" nitalaho izy ireo. "Mandeha foana ianao, ry Dada a, tsy milalao aminay intsony ianao!"

Niondrika aho mba namihina sy nanoroka haingana ny zanakay lahy sy ny zanakay vavy. Namihina ahy mafy ny sandriny kelin'izy ireo. Rehefa niezaka nitsangana aho, dia tsy navelan'izy ireo handeha ! Nifikitra tamiko tamin'ny famoizam-po izy ireo. Niezaka hihazona ilay dadany feno fanoloran-tena tao an-trano izy ireo.

Tsy maintsy nesoriko moramora ny sandriny teo amin'ny tendako mba handehanako. Nanomboka nitomany izy ireo. "Dada a, anio alina fotsiny ! Mijanòna ato an-trano azafady !"

Nivoaka ny trano aho ary nanakatona ny varavarana. Rehefa nandeha teny amin'ny ranomandry aho, dia niraikitra mafy tao am-poko ny sarin'ireo zanakay mitomany sy manolo-tànana ahy. Teo am-pamakivakiana ny ranomandry aho, dia niteny tao am-poko Andriamanitra. Niantso ahy tamin'ny anarako Izy. Nijanona teo amin'ny làlako aho. Tamin'iny alina iny, raha nilatsaka mangingina manodidina ahy ny ranomandry, dia niantso ahy hiverina tany amin'ny zanakay Andriamanitra. Niteny voalohany tamin'ny fitarainana sy ny fitiavan'ireo zanakay Izy nanao hoe : "Dada a! Mijanòna ato an-trano »

Tena antso mafy tamiko izany. Matetika aho no nivoaka ny trano fito alina isan-kerinandro, nanampy ny hafa nefa tsy niraharaha ny zanakay. Antso maharary izany, nefa antson'ny famindram-po izay nitarika ho amin'ny fahasitranana teo amiko sy ny zanakay.

Nanomboka tamin'io andro io aho dia nanomboka nanao tsia tamin'ny fangatahana maro mba hahafahako manao eny amin'ny fianakaviako. Tsy mora izany! Nanampy ahy Andriamanitra mba hanomboka hanokana fotoana iarahana amin'ny ankizy tsirairay, toy ny nanaovanay sy Aprily vadiko ho laharam-pahamehana ny fiarahanay.

Tamin’ny voalohany dia tsy liana tamin’ny fiarahana tamiko foana ny zanakay. Efa nolaviko imbetsaka ny fangatahan'izy ireo hiara-milalao aminy. Matetika aho no nahatsapa ho toy ny olona tsy mahita fahombiazana. Nefa ny antson’i Elia dia tonga miaraka amin’ny hery manasitrana avy amin’ny Tompo. Nanampy ny zanakay hamela ny heloko ny Tompo. Naveriny ara-bakiteny tamin’izy ireo ny foko ary niverina tamiko ny fo kelin’izy ireo! Deraina Andriamanitra!

I Jaona, niaraka tamin’ny herin’ny Fanahy Masina Izay tao amin’i Elia ihany koa, dia nanomana ny olona ho amin’ny fiavian’ny Mesia. Niantso fifohazana i Jaona, toa an’i Elia. Nitory izy nanao hoe: “Mibebaha ianareo, fa efa akaiky ny fanjakan’ny lanitra.” ( Matio 3:2 ).

Niantso ny fon’ny ray hiverina amin’ny zanany i Elia. Toy izany koa no nataon’i Jaona. Amin’izao andro izao, dia nirahina hanao toy izany koa isika. Nanomana ny olona tamin’ny taonjato voalohany i Jaona mba handray an’i Jesosy ho Mesia. Antsoina isika ankehitriny hanomana ny olona handray an’i Jesosy ho Mpanjakan’ny mpanjaka izay ho avy eny amin’ny rahona!

Ny fanasitranana ny fianakaviana dia ampahany manan-danja amin'ny fifohazana. Ny fifohazana dia tsy maintsy ho fitempon'ny fon’ny tokantranontsika isan'andro. Rehefa miaina fifohazana isan’andro miaraka amin’i Jesosy ny fianakaviantsika amin’ny alalan’ny Teniny voasoratra sy ny vavaka, dia manomana antsika hihaona amin’i Jesosy tsy ho ela ny Fanahin’Andriamanitra! Izao no fotoana hiainana ny hafatr’i Elia amin’izao andro farany izao!

*(Nosoratan'i Don MacLafferty, avy amin'ny bokiny Come Home, azo jerena eto: http://bit.ly/comehome2023)*

## Fidirana amin’ny Fotoam-bavaka

Vao avy nandray fihaikana isika ny fijoroana ho vavolombelona nataon’ny Pasitora MacLafferty sy ny antson’i Elia, izay miantso ny ray, ny reny, ny zanakalahy, ny zanakavavy ary ny olona rehetra hiverina amin’i Jesosy, hiverina any an-tranony, ary hiverina amin’ny fon’ny fivavahana marina. Nandray fanamby koa isika ny amin’ny ilantsika miantso olona hiomana ho amin’ny fiavian’i Jesosy tsy ho ela. Kanefa, alohan’ny ahafahantsika manompo amim-pahombiazana ny fianakaviantsika na miantso ny hafa hanatona Azy, dia tsy maintsy misy zavatra miova ao anatintsika. Mila manaisotra ny marimaritra iraisana rehetra sy ny endriny rehetra amin'ny fivavahana ivelambelany isika. Mila fanandramana marina miaraka amin’i Jesosy sy firotsahan’ny Fanahy Masina lalindalina kokoa isika.

Izany no antony anokanantsika an’ity andro ity hivavahana amin’ny fomba manokana mba hanampian’Andriamanitra antsika hanorina indray ny alitaran’ny fanompoam-pivavahana sy hanome antsika “fo tsy voazarazara” ho an’i Jesosy, satria rehefa tena mivavaka Aminy tokoa isika ka manome Azy tanteraka ny fontsika, dia hameno antsika ny Fanahiny.

Ao amin’ny 2 Timoty dia vakintsika fa hisy fahoriana lehibe amin’ny andro farany. Inona no anton'izany fahoriana izany? Hoy ny Baiboly: “Fa ny olona ho tia tena, ho tia vola, ho mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy misaotra, tsymanaja izay masina, tsy manam-pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mhonom-po, lozabe, tsy tia ny tsara, mpamadika, kirina, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra ny fitiavany an’Andriamanitra, manana ny endriky ny toe-panahy araka an’Andriamanitra, nefa mandà ny heriny.” (3:2-5 ).

Indrisy anefa fa izany dia mamaritra tsara ny taranaka ankehitriny, sa tsy izany?

Hanokana fotoana kely amin’ny vavaka isika hangataka amin’Andriamanitra mba hanafaka antsika amin’ny fihatsarambelatsihy ara-panahy rehetra sy ny “endriky ny toe-panahy araka an’Andriamanitra” fotsiny, nefa aoka aloha isika haka minitra vitsivitsy handinihana ireto andalan-tsoratra mampieritreritra avy amin’ny asa soratr’i Ellen White momba ireo virijina hendry sy adala. Rehefa mamaky ny teny nosoratany isika, dia resy lahatra fa izao mihitsy no fotoana hanesorana ireo “endrik’Andriamanitra” tsy manan-kery ireo. Henoy ange izao manaraka izao e !

> Ao amin’ny fanoharana momba ny virijina, ny dimy dia aseho ho hendry ary ny dimy ho adala. Ny anarana hoe “virijina adala” dia maneho ny toetran’**ireo izay tsy manana ny tena fiasan’ny fo namboarin’ny Fanahin’Andriamanitra.** Tsy manova ny virijina adala ho hendry ny fiavian’i Kristy. Rehefa tonga i Kristy, dia handanja ny toetra ny mizànan’ny lanitra, ka hanapa-kevitra raha madio,

nohamasinina, sy masina, na maloto sy tsy mendrika ny fanjakan'ny lanitra. Ireo izay nanao tsinontsinona ny fahasoavan'Andriamanitra teo am-pelatànany, izay tokony ho nahamendrika azy ho tonga mponin'ny lanitra, dia ho virijina adala. **Nanana ny fahazavana rehetra izy ireo, ny fahalalana rehetra, saingy tsy nandray ny diloilon'ny fahasoavana ; tsy nandray ny fahamarinana tamin' ny hery manamasina azy izy ireo.** (*The Review and Herald, 19 Aogositra 1890)*

Samy nivoaka hitsena ny mpampakatra ny virijina folo ao amin'ny fanharana. Samy nanana fanala sy fitondrana solika izy rehetra. Nisy fotoana izay tsy nahitana fahasamihafana tamin'ireo tovovavy ireo. **Toy izany koa ny fiangonana izay velona mialoha indrindra ny fotoana hiavian'i Kristy fanindroany**. Manana ny fahalalana ny Soratra Masina ny kristiana rehetra ; mandre ny hafatra momba ny fahakekezan'ny fihavian'i Kristy izy rehetra, ary manantena ny fisehoany amim-pahatokiana. Nefa sahala amin'ny eto amin'ny fanoharana, dia toy izany koa ankehitriny. Misy fotoana fiandrasana tafatsofoka eto, ka voasedra ny finoan'ny tsirairay ; ary rehefa re ny antso hoe: “Indry, ny mpampakatra; mivoaha mba hitsena Azy,” **dia betsaka no tsy vonona. Tsy manana solika ao amin'ny fitondrana miaraka amin'ny fanalany izy ireo. Tsy manana ny Fanahy Masina izy.**

**Raha tsy eo ny Fanahin' Andriamanitra dia tsy misy tombon-tsoa ny fahalalana ny teniny**. Tsy afaka hampahatanjaka ny fanahy na hanamasina ny fo ny fampianarana fotsiny momba ny fahamarinana tsy arahin'ny Fanahy Masina. Misy olona mety hifankazatra amin'ireo lalàna sy teny fikasana ao amin'ny Baiboly ; nefa raha tsy ny Fanahin' Andriamanitra no mampiorim-paka ao am-po ny fahamarinana, dia tsy ho voaova ny toetra. Raha tsy noho ny fahazavana avy amin'ny Fanahy, dia tsy ho hain'ny olona ny manavaka ny marina sy diso, ka ho lavo amin'ny fakam-panahy mahery alefan'i Satana izy.

Tsy mpihatsaravelatsihy tsy akory ity antokon'olona asehon'ny virijina adala ity. Mba nihevitra ny fahamarinana izy, niady ho an'ny fahamarinana, voasarika ho eo amin'ireo izay mino ny fahamarinana izy ; **nefa tsy nampilefitra ny tenany hiasan'ny Fanahy Masina. Tsy potraka teo amin'Ilay Vatolampy, dia Kristy Jesosy izy, ka tsy namela ilay olona taloha ho torotoro**. Asehon'ny mpihaino eo amin'ny tany marivo ambony vatolampy koa io antokon'olona io. Nandray ny teny tamin-jotom-po izy ireo, nefa tsy mba nandray ho an'ny tenany mihitsy ny foto-kevitra voafono ao anatiny. Noho izany dia tsy mitoetra ny hery miafina avy amin'izany teny izany. **Miasa ao amin'ny fon'ny olona ny Fanahy arakaraka ny faniriany sy ny fanekeny hampitoetra fiainam-baovao ao aminy ; nefa ity antokon'olona asehon'ny virijina adala ity dia afa-po fotsiny tamin'ny asa ivelambelany. Tsy tena mahalala an'Andriamanitra izy. Tsy nandinika ny toetrany izy ; tsy nanana firaisana maharitra taminy izy; noho izany dia tsy**

> **hainy ny matoky, tsy hainy ny mijery mba ho velona. Manjary fomba ivelany ny fanompoany an'Andriamanitra**. "Dia mankao aminao toy ny fihavin'ny olona izy ka mipetraka eo anatrehanao toa oloko, ary mahare ny teninao, nefa tsy mety mankatò azy; fa indro, teny mamy no lazain'ny vavany, nefa ny fony dia lasa manaraka ny fila-karena." (Ezekiela 33:31 ). Tondroin'ny apostoly Paoly fa toetra mampiavaka ireo izay velona mialoha indrindra ny fiavian'i Kristy fanindroany izany. Hoy izy: "Any am-parany any dia hisy andro mahory, fa ny olona ho tia tena; . . . tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavany an'Andriamanitra; manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny heriny." (2 Timoty 3:1-5 ). (*Henoinareo ny Fanoharana, p.359-360)*

Andeha isika hivavaka anio tolakandro mba hanovan'Andriamanitra ny fontsika sy ny fon'ny zanatsika. Enga anie isika hanaisotra mandrakizay ireo « endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra » namboamboarina ary hitaky ny heriny eo am-piomanana amin'ny fiaviany tsy ho ela!

## Taratasy 1: Zavatra Ifantohan'ny Vavaka sy Tari-dalana

(Ity tari-dalana ity dia natao mba hahazoanao manomboka fotsiny. Aza mihazakazaka na mahatsapa fa tsy maintsy manaraka izany amin'ny tsipiriany ny vondrona misy anao. Mivavaha mba ho tarihan'ny Fanahy Masina ary aoka ho voatohina avokoa ny tsirairay.)

**Fotoam-piderana — Fotoam-bavaka Iraisana**

(Fanamarihana: Raha sarotra aminao ny mieritreritra hoe amin'ny inona no tokony hiderana an'Andriamanitra, dia sokafy ny Baibolinao ary manomboha mivavaka araka ny Salamo. Na inona na inona ny fitsapana atrehinao, dia manana antony maro hiderana an'Andriamanitra ianao!)

• Misaotra an'Andriamanitra fa Izy dia Andriamanitra mihaino sy mamaly vavaka. (Mat. 7:7 ).
• Misaotra an'Andriamanitra fa tsy afaka mandainga Izy ary tsy miverina foana Aminy ny Teniny. (Isaia 55:11 ).
• Misaotra an'Andriamanitra fa rehefa mangataka zavatra araka ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy. (1 Jaona 5:14 ).
• Misaotra an'Andriamanitra noho ny teny fikasany lehibe sy sarobidy. (2 Pet. 1:4).
• Misaotra an'Andriamanitra fa tsy voatery ho manam-pahaizana manokana momba ny Baiboly isika vao hahazo ny fahamarinana. (2 Tim. 3:15 ).
• Misaotra an'Andriamanitra noho ny famelan-keloka sy ny fandresena tao amin'i Jesosy. (1 Jaona 1:9; 1 Kor. 15:57 ).
• Misaotra an'Andriamanitra noho ny hafatra mahafinaritra momba ny fanamarinana amin'ny alalan'ny finoana. (Rom. 3:26 ).
• Misaotra an'Andriamanitra noho ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ny ranonorana farany izay ho avy. (Joela 2:28; Hos. 6:3)
• Misaotra an'Andriamanitra fa eo amin'ny seza fiandrianana Izy ary manapaka/mifehy ny zavatra rehetra ho voninahiny. (Apok. 4:2, 3).
• Misaotra an'Andriamanitra noho ny fitahiana madinika izay heverinao ho tsy dia misy dikany.
• Misaotra an'Andriamanitra amin'ny zavatra hafa ampidiriny ao an-tsainao na ao am-ponao. Aoka hipololotra ny fiderana !

**Fotoana ho an'ny Fiaiken-keloka — Fotoam-bavaka Manokana sy Iraisana**

(Fanamarihana : Ny ota manokana dia tokony hiaikena amin'Andriamanitra irery ihany na amin'ireo naratr'izany, fa isika rehetra dia meloka amin'ny fahotana maro - toy ireo voatanisa etsy ambany - izay mety hiaikena amin'ny maha-vatana iray. Esory ny

avonavona ary avelao ny Fanahy Masina hiteny ary hihaika anao ho amin'ny ambaratonga vaovaon'ny fanoloran-tena sy ny fibebahana.)

• Ekeo ny fomba nampahalemy nanaharava ny alitaranao ara-panahy.

• Ekeo ny fotoana namoronana fandravana raha tokony ho “mpanamboatra ny rava” ianao.

• Ekeo ny fahotan’ny avonavona sy ny tsy firaharahiana, na ireo fotoana niainanao ny “endriky ny toe-panahy araka an’Andriamanitra” fotsiny.

• Ekeo ny fomba naha-matimaty anao na niroa saina, tsy miaina ny finoanao.

• Ekeo ny fitiavan-tenanao sy ny fiheveranao mifantoka amin’ny tenanao manokana.

• Ekeo ny fomba nandratranao an-kitsirano an’i Jesosy indray.

• Ekeo ny fomba tsy namelanao an'i Jesosy ho Tompo.

• Ekeo ny fomba tsy nankatoavanao ny fandresen-dahatra ataon'ny Fanahy Masina.

• Ekeo ny fomba nandratranao olona tao amin’ny fianakavianao/ny fiangonanao/na hafa.

• Ekeo ny sampinao, na izay rehetra nampisy elanelana taminao sy Andriamanitra.

• Ekeo ny fotoana tsy nahavitanao nijoro ho vavolombelona marina.

• Ekeo ny zavatra hafa entin'ny Fanahy Masina ao an-tsainao

**Fotoana Fitalahoana—Vavaka Iombonana sy ataon’ny Tarika Madinika**

(Fanamarihana: Henoy ny Fanahy Masina ary henoy ny hafa mivavaka. Ataovy mifanaraka ny vavaka ary, raha resy lahatra ianao, dia ampio amin’ny azy ireo ny vavaka ataonao. Anontanio ny Fanahy Masina ny zavatra tiany hivavahanao, amin’ny fitakiana ny Jeremia 33:3. Alohan’ny hamaranana ity fizarana ity dia afaka manasa anareo ny mpitarika ny vavaka mba hifanatona tsiroaroa ary hifampivavaka.)

• Mifototra amin'ny fiaiken-keloka natao, dia mivavaha mba hanana fahasahiana handray andraikitra sy hiaina fomba fiainana vaovao.
• Mivavaha mba hanana fo tsy mizarazara. (Jakoba 4:3 ).
• Mivavaha mba hahazo fo vaovao na nohavaozina. (Sal. 51:10; Ezek. 36:26 ).
• Mivavaha mba hanambaran’Andriamanitra ireo faritra nitoeranao ho “endrika” fotsiny. (Sal. 139:23, 24 ).

• Mivavaha mba hanaisoran'Andriamanitra ny tsy firaharahiana rehetra ary hanomezany anao ny fitiavana Azy marina. (Jer. 24:7 ).
• Mivavaha mba handray ny Fanahy Masina – Mila fatra bebe kokoa amin'izany isika (Lioka 11:13 ).
• Mivavaha mba hanana ny fahavononana hitolo-batana sy hanaraka an'i Jesosy hatrany. (Mat. 16:24 ).
• Mivavaha amin'Andriamanitra mba hanampy anao ho "mpankatò ny teny" fa tsy ho mpihaino fotsiny. (Jakoba 1:22 ).
• Mivavaha mba ho sitrana amin'izay faharavana ara-panahy mety anananao, mba hahafahanao ho tonga mpanamboatra ny simba eo an'ny hafa. (Isaia 58:12 ).
• Mivavaha ho amin'ny famerenana amin'ny laoniny sy ho fanasitranana ny fianakavianao na ireo manana ratra am-po. (Sal. 147:3 ).
• Mivavaha ho an'ireo mambran'ny fianakavianao, ireo olon-tianao ary ireo izay tsy voavonjy.
• Mivavaha ho an'ny ankizy sy ny tanora ao amin'ny fiangonanao.
• Mivavaha ho an'ny pasitoranareo sy ny mpitarika ny fiangonana eo an-toerana.
• Mivavaha ho an'ny asa fanompoana ao amin'ny fiangonanao sy ireo tetikasa na drafitr'asa ho avy.
• Mivavaha ho an'izay zavatra hafa ampitain'Andriamanitra ao an-tsainao na ao am-ponao.

**Faribolan'ny Fitahiana — Mifandimby Mifampivavaka**

(Eto ambany ny toromarika. Raha miara-mivavaka amin'ny vondrona lehibe ianao, dia miaraha-mivavaka mandritra ny 30 minitra eo ho eo, ary zarao ho vondrona kely kokoa misy olona 10 mba hamitana ny fotoam-bavaka, araka ny modely omena etsy ambany.)

• Manaova faribolana, ary raha manasa ny olona handroso tsirairay ny mpitarika ny vavaka, dia mankanesa eo afovoan'ny faribolana mba hivavaka manokana.
• Zarao fohifohy amin'ny vondrona ny enta-mavesatra/ilainao ara-panahy. Tsy izao no fotoana hizaranao ny fijoroana ho vavolombelona momba ny fiainanao. Ataovy voafaritra tsara sy mahitsy, zarao izay tsapanao fa ilainao. Angamba fandresena ara-panahy manokana no ilainao, fanasitranana ho an'ny fanambadiana, na hery na finoana mba handrosoana. Angamba mila fanampiana ianao handresenao ny fiankinan-doha. Sao dia ankizy mania no mampaharary ny fonao. Tsy maninona ny ranomaso. Aoka ianao ho mora tohina sy tsy manamboatra fihetsika. Esory ny avonavona.
• Rehefa avy nizara fohifohy ny zavatra ilainao ianao dia hanatona akaiky manodidina anao ny sisa amin'ny vondrona. Mety hametra-tanana aminao ny sasany. (Miezaka mampisaraka antsika i Satana, saingy tsy maintsy mifanatona akaiky isika!)

• Olona roa na telo no hivavaka fohy ho an'ny filana, dia hamarana ny vavaka ny mpitarika.
• Mihirà hira iray (raha mety) rehefa miverina ao amin'ny vondrona ilay olona. Mety ihany koa ny famihinana.
• Manasà olona iray hafa ho eo afovoan'ny faribolanam-bavaka - izay rehetra mila izany.
• Avereno izany dingana izany mandra-pahatapitry ny olona rehetra maniry vavaka manokana.

**Fotoana famaranana ny Fiderana — Fotoam-bavaka Iombonana**

# Taratasy 2: Teny Fikasana Mahery Vaika momba ny Vavaka

## Teny Fikasana ao amin'ny Baiboly sy Teny notsongaina avy tamin'ny Fanahin'ny Faminaniana

"Fa na firy na firy ny teny fikasan'Andriamanitra dia ao aminy ny eny, ary ao amin'ny lalany koa ny Amena, ho voninahitr'Andriamanitra amin'ny ataonay" (2 Kor. 1:20).

"Fikiro àry ny teny fikasany toy ny ravin'ny hazon'aina : 'Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy.' Jaona 6:37 . Raha manatona Azy ianao dia minoa fa manaiky anao Izy, satria efa nampanantena izany. Tsy ho very na oviana na oviana ianao raha manao izany" (*Tana-masoandron'ny Fahasalamana, p. 44*).

"Tsy manana ianareo, satria tsy mangataka" (Jakoba 4:2). "Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo. Mangataha, dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo." (Jaona 16:24)

"Isan'ny soritr'asa nataon'Andriamanitra ny hanome antsika, ho valin'ny vavaky ny finoana, izay tsy natolony raha tsy nangatahintsika " (Hery Mifanandrina, p. 546).

"Raha MIRAY amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa HO TONGA aminareo izany" (Jaona 15:7).

"Raha maniry ny hahafantatra sy hanao ny sitrapon'Andriamanitra isika, dia antsika ny teny fikasany" (*From Heaven With Love, p. 166).*

"Raha amin'ny olona dia zavatra tsy hainy izany ; fa tsy mba tahaka izany amin' Andriamanitra ; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra." (Marka 10:27 ).

"Tsy afaka manakana ny asan'Ilay Manana ny hery rehetra ireo zavatra tsy hain'ny nofo " (*Ilay Fitiavana Mandresy, p. 570*).

"Koa mifaneke heloka ianareo ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiasan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra." (Jakoba 5:16 ).

"Ny antso ho any an-danitra ataon'ny olo-masina manetry tena dia atahoran'i Satana kokoa noho ny didin'ny fitsarana na ny didin'ny mpanjaka" (*In Heavenly Places, p. 82*).

"Sambatra kosa izay tsy nahita, nefa NINO" (Jaona 20:29).

“Tsy misy atahorana ny amin’ny hoe hanaovan’ny Tompo an-tsirambina ireo fivavahana ataon’ny vahoakany. Ny atahorana dia sao ny fakam-panahy sy ny fitsapana hahakivy azy ireo, ka ho diso tsy haharitra amin’ny fivavahana izy” *(Henoinareo ny Fanoharana, p. 147)*

“Fa ny mason’i Jehovah mijery eny tontolo eny eran’ny tany rehetra, mba hisehoany aman-KERY hamonjy izay manana fo mahitsy Aminy.” (2 Tan. 16:9 ).

“Nanao antoka ny voninahitry ny seza fiandrianany ho fanatanterahana ny teniny tamintsika Izy” *(Henoinareo ny Fanoharana, p. 121*).

“Efa nomen’ny herin’Andriamanitra antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an’Andriamanitra amin’ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin’ny voninahitra sy ny fahatsarany, ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin’ny fomban’ Andriamanitra amin’izany ianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin’izao tontolo izao noho ny filana.” (2 Pet. 1:3, 4).

“Raha ny oloko izay nantsoina amin’ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin’ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny” (2 Tan. 7: 14).

“Raha mbola afa-po amin’ny zava-madinika ny fiangonana dia tsy mahafeno fepetra ny handray ny zava-dehibe avy amin’Andriamanitra” (*Home Missionary, Nov. 1, 1893).*

“Mangataha ranonorana amin’i Jehovah amin’ny andro fara-orana, dia amin’i Jehovah Izay manao ny helatra; ranonorana mivatravatra no homeny azy, eny, samy homeny zava-maitso any an-tsaha ireny.” (Zak. 10:1 ).

“Andrandraina toy ny amin’ny ho avy ny firotsahan’ny Fanahy Masina amin’ny fiangonana ; fa tombontsoan’ny fiangonana ny manana izany ankehitriny. Katsaho izany, mivavaha ho amin’izany, minoa izany. Tsy maintsy manana izany isika, ary miandry ny hanome izany ny Lanitra” (*The Review and Herald, Mar. 19, 1895)*

.

"Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy!" (Lioka 11:13 ).

“Hitolona amin’Andriamanitra amin’ny vavaka ve isika? Handray ny batisan’ny Fanahy Masina ve isika? Izany no ilaintsika sy mety hananantsika amin'izao fotoana izao. . . . Raha miara-mandeha amin’Andriamanitra amim-panetren-tena isika, dia hiara-mandeha amintsika Andriamanitra” *(Prayer, p. 87).*

“Raha misy roa aminareo MIFANAIKY ety ambonin’ny tany na amin’inona na amin’inona ka hangataka izany, dia HO AZONY avy amin’ny Raiko Izay any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan’ny roa na telo amin’ny anarako, dia eo afovoany Aho.” (Mat. 18:19, 20).

“Ny fitahiana lehibe indrindra azon’Andriamanitra omena ny olona dia ny fanahin’ny vavaka amin-kafanam-po. Ny lanitra manontolo dia misokatra eo anatrehan'ny olona mivavaka. . . . Ny ambasadaoron’i Kristy dia hanana hery miaraka amin’ny olona rehefa avy nanatona an’Andriamanitra tamin’ny fitalahoana mafy izy ireo” *(Prayer, p. 83).*

“Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany : raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy.” (1 Jaona 5:14 ).

“Izay rehetra noraisin’i Kristy tamin’Andriamanitra dia mety ho azontsika koa. Dia mangataha ary mandraisa. Amin’ny finoana feno faharetana nananan’i Jakôba sy amin’ny fikirizana tsymety sasatra tao amin’i Elia, dia takio ho anao izay rehetra nampanantenain’Andriamanitra” (*Henoinareo ny Fanoharana, p. 122*).

“Ary na inona na inona no angatahinareo amin’ny fivavahana atao amin’ny finoana, dia ho azonareo.” (Mat. 21:22).

“Ny fivavahana sy ny finoana dia hanome hery hahavita ho an’izay malemy sy tsy manan-kery » *(Tanamasoandron’ny Fahasalamana, p. 431)*.

“Fa hahazo hery ianareo amin’ny hilatsahan’ny Fanahy Masina aminareo; ary ho vavolombeloko . . . hatrany amin’ny faran’ny tany.” (Asan’ny Apostoly 1:8 ).

“Raha mila hery ianao dia mety hanana izany; miandry ny fanirianao izany. Minoa an’Andriamanitra irery ihany, raiso amin’ny Teniny amim-pinoana Izy, dia ho avy ny fitahiana” *(Prayer, p. 84).*

“Ary ao aminy no miaraka aorina koa hianareo ho fonenan’Andriamanitra amin’ny Fanahy” (Efes. 2:22).

“Tsy misy fetrany ny soa mety ho vitan’ny olona iray, izay manadino ny tenany, ka manome malalaka ny Fanahy Masina hiasa amin’ny fony, sy fiainana voatokana tanteraka ho an’Andriamanitra” (*Christian Service, p. 254).*

“Fa izao no lazain’ny Avo sy Manerinerina, izay monina mandrakizay, masina no anarany: Ao amin’ny fitoerana avo sy masina no onenako, ary ao amin’ny torotoro fo sy manetry tena, hamelombelona ny fanahin’ny manetry tena sy hamelombelona ny fon’ny torotoro fo.” (Isaia 57:15 ).

“Ny fanahy izay mahatsapa ny ilainy dia tsy mitana na inona na inona. Azony atao ny manatona tsy misy fepetra an’ Ilay itoeran’ny fahafenoana rehetra” *(Ilay Fitiavana Mandresy, p. 313*).

“Ny fanatitra ho an’Andriamanitra dia fanahy torotoro sy mangorakoraka ; ny fanahy torotoro sy mangorakoraka Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona” (Sal. 51:17).

“Ny fandresena lehibe azon’ny fiangonana na azon’ny kristiana tsirairay avy dia tsy mba vokatry ny talenta na ny fitaizana, na ny harena na ny tombontsoa avy amin’ny olombelona tsy akory, fa vokatry ny fivavahana mangina izay natao tao amin’ny efitrano teo anatrehan’Andriamanitra, tamim-pinoana miredareda sady tsy azo hozongozonina izay mamihina mafy ny herin’ny Tsitoha” (*Patriarka sy Mpaminany, p. 198*).

“Ary ho an’izay mahay manao mihoatra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny HERY [Ny heriny] izay miasa ato anatintsika” (Efes. 3:20).

“Ny Tompo dia hanatanteraka mihoatra noho ny zavatra andrasan’ireo izay mametraka ny fitokisany Aminy” *(My Life Today, p. 55).*

“Indrisy, Jehovah Tompo ô! Indro, Hianao nanao ny lanitra sy ny tany tamin'ny herinao lehibe sy ny sandrinao nahinjitra. Ary TSY MISY zava-mahagaga izay tsy hainao.” (Jer. 32:17).

“Tsy ireo fahaiza-manao anananao ankehitriny na mety mbola ho azonao no hanome anao fahombiazana fa izay azon’ny Tompo atao ho anao. Tokony ho kely mihitsy ny fitokisantsika izay azon’ny olona atao fa ny fitokisantsika izay azon’Andriamanitra atao ho an’ny fanahy mino kosa dia tokony ho be lavitra. Iriny indrindra ny hikatsahanao Azy amin’ny finoana. Iriny indrindra ny hanantenanao zava-dehibe avy Aminy” (*Henoinareo ny Fanoharana p. 119*).

“Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondòny, dia hovohana ianareo.” (Mat. 7:7 ).

“Amin'ny fahatsoram-po, amin'ny hanoanan’ny fanahy, miantsoa an'Andriamanitra. Aoka hitolona amin'ireo masoivohon’ny lanitra mandra-pahazoanao ny fandresena. Apetraho eo am-pelatanan’ny Tompo ny momba anao manontolo, fanahy, vatana ary saina, ary manapaha hevitra ny ho fiasany feno fitiavana sy voatokana, entanin’ny sitrapony, fehezin’ny sainy, feno ny Fanahiny” *(Prayer, p. 75)*.

“Ary izahay dia vavolombelon’izany zavatra izany, ary ny Fanahy Masina koa, Izay efa nomen’Andriamanitra ny manaiky Azy” (Asan’ny Apostoly 5:32).

“Ny fahantrantsika be dia be no hany ahazoantsika mitaky ny famindram-pon’Andriamanitra. . . . Hitany [ilay kapiteny] ny tsy fahamendrehan’ny tenany; ny fahalemeny lehibe no nentiny nitalaho. . . Amin’izany fomba izany no ahazoan’ny mpanota rehetra manatona an’i Kristy” *(Ilay Fitiavana Mandresy, p. 333)*

“Izay tsy niaro ny Zanany, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka Aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?” ( Rom. 8:32 ).

“Tsy maintsy mibanjina an’i Kristy isika; tsy maintsy manohitra tahaka ny nanoherany isika; tsy maintsy mivavaka tahaka ny nivavahany isika; tsy maintsy mijaly tahaka ny nijaliany isika, raha te handresy tahaka ny nandreseny” *(That I May Know Him, p. 34).*

“Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak’olombena ka hanenina. Moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefiny? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny? ( Nom. 23:19 ).

“Minoa fotsiny sy miderà an’Andriamanitra ary mandrosoa. Efa akaiky ho tody any antrano isika . . . . Ento ny enta-mavesatrao amin’ny teny fikasan’Andriamanitra. Minoa fa tombontsoanao ny mino” (Letter 31, Jan. 1, 1887).

“Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin’ny alalan’i Jesosy Kristy Tompontsika” (1 Kor. 15:57).

“Jehovah ô, aza izahay, aza izahay, no omena voninahitra, fa ny anaranao ihany, noho ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao” (Sal. 115:1).